REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana
PRESIDENCE DE LA HAUTE AUTORITE DE LA TRANSITION

# FAMPITAM – BAOVAO IARAHANA

## Raharaha Randrianiaina Jean Paul

Ny Talen'ny Sampandraharaha misahana ny fiarovana ny tany (*Direction de la Sécurité du Territoire*) na DST eo anivon'ny Fiadidiana ny Tetezamita dia manambara mazava sy hentitra fa tsy niantso, tsy mitady ary tsy mihevitra akory ny hanadihady an'Atoa Randrianiaina Jean Paul, noho ny tsy fisian'ny fitoriana na fanokafana famotorana ara – pitsarana mikasika azy.

Ny Ministry ny Serasera ihany koa dia manambara mazava sy hentitra fa tsy nametraka velively fitoriana ara – pitsarana an'Atoa Randrianiaina Jean Paul.

Noho izany, ny filazana, amin'ny alàlan'ny haino aman – jery, fa " ***voatery miafina Atoa Randriainiana Jean Paul satria anaovan'ny DST fikarohana ho fisamborana*** " dia famoahana vaovao tsy marina izay mety hanakorontana ny saim – bahoaka.

Ankoatra izay, ny fiantsoana olona, avy amin'ny alàlan'ny haino aman – jery hatrany, " ***hanome izay foiny ho fanampiana ny vady aman – janak'Atoa Randrianiaina Jean Paul izay any am – piefenana*** " dia miendrika fitarihana ny fo sy ny sain'ny vahoaka hisavoritaka avy amin'ny alàlan'ny famoahana vaovao tsy marina.

Raha tena miafina marina tokoa Atoa Randrianiaina Jean Paul, dia andraikiny samirery izany noho ny antony manokana azy irery ihany, izay tsy misy idiran'ny Fanjakana velively.

Ampahatsiahivina hatrany ny rehetra fa ny famoahana vaovao tsy marina, avy amin'ny alàlan'ny gazety na haino aman – jery ka mety hanakorontana ny saim – bahoaka, dia faizin'ny Lalàna velona sy manan – kery eto amin'ny tany sy ny Fanjakana.

*Antananarivo, faha 25 Februoary 2012*

**Ny Talen'ny DST,**

**Kaomisera Nakany Charly**

**Ny Ministry ny Serasera,**

**Rabajason Harry Laurent**